TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

DINGANA FAHA: 5

Firenena: Madagasikara

Koaminina: AMBANIVOHITRA TSIMANANADA

Daty: 15 – 17 octobre 2014

Toerana: ECOLE PRIMAIRE PUBLIQUE TSIMANANADA CENTRE

IREO MPIZAIKA NANDRITRA NY FIOFANANA

Fizahan-takila

FANOLORANA **3**

FIZOTRY NY ATRIKASA **4**

1 FANOKAFANA NY ATRIKASA 4
2 MAHAKASIKA NY "IVO TOERANA MENDRIKA AMIN'NY FAMIVOHIZANA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA" 4
TATITRA SY ANTONTAN-ISA MANAVAKA NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY ..... **ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.**
MIRALENTA, NY FIHARIAN-KARENA ARY NY TETI-BOLA *6*
TETI-BOLA 7
Asa fikarakarana ny marary *8*

ASA MANARAKA **11**

TOVANA D: TOMBANA **15**

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA MIHATRA AMIN'NY VEHIVAVY **17**

SANTIONANA SARY NANDRITRA NY FIOFANANA STAGE 5: TSIMANANADA **73**

FANOLORANA

Natao tao Tsimananada ny Alarobia 15- 17 Oktobra 2014 ny atrikasa fiofanana dingana fahadimy izay mahakasika ny famolavolana drafitrasa ho fametrahana ny miralenta ifotony sy ny fampandrosoana. Izany atrikasa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita teo aloha ary handraisan'ny kaominina sy ireo hery velona rehetra eo an-tanàna andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny fahasalamana, ny fiaraha-miombom-pirenena (OSC), ny fampianarana (Tovana B)

Mialohan'ny famolavolana ny drafitrasa dia nisy ny famerenana ireo lohahevitra dingana fahaefatra toy ny fototra iompanan'ny miralenta, ny miralenta sy ny fitondram-panjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana, ny miralenta sy ny fampandrosoana ara-toe-karena ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady sy disadisa, foto-kevitra sy pôlitika hahatongavana amin'ny miralenta.

FIZOTRY NY ATRIKASA

1- Fanokafana ny atrikasa

Natrehan'ny Ben'ny tanàna sy ny mpanolon-tsainan'ny kaominina ny fanokafana ny atrik'asa. Teo amin'ny lahateny nataony, ny ben'ny tanàna dia niarahaba ny olona rehetra, nisaotra ny mpikarakara, nametraka fa ny kaominina no mifandray amin'ny mponina akaiky indrindra. Raha ny fifandraisan'ny atrikasa amin'ny zava-misy ao amin'ny kaominina dia nanamarika izy fa efa misy ihany ny vehivavy mandray anjara ao anatin'ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny kaominina. Nankasitrka ny fiaraha-miasa eo amin'ny Gender Links izy satria mbola ho famporisihina ary ho fanohanana ny fivohizana ny miralenta sy ny ady amin'y herisetra eo anivon'ny kaominina izany.

Taorian'ny lahaten'ny Ben'ny tanàna dia nandray fitenenana ny mpampiofana Rakoto Andriamihamina Simone Claire. Rehefa avy niarahaba sy nirary soa ny mpiofana dia nanome fanazavana ny anton'ny atrikasatamin'izay no nanomezana ny tanjona ny fiofanana, ny fanazavana ny maha- kaominina ivo toerana mendrika (centre d'excellence).

Ny fanolorana ny fandaharam-potoana , ny fifankafahatarana teo amin'ny mpandray anjara dia nirosoana teo amin'ny fanatanterahana ny atrikasa.

2 Mahakasika ny "Ivo toerana mendrika amin'ny famivohizana ny miralenta sy ny fampandrosoana"

Natomboka tamin'ny jery todika ny asa efa natao sy ny mahakasika ny "ivo toerana mendrika mivohy ny miralenta sy ny fampandrosoana" na "Centre d'excellence" ny fiofanana , notsipihana tamin-izany ny fanasongadinana ny dingana sivy ka hatramin'ny hahatongavana amin'ny fihaonana an-tampony

Manana andraikitra lehibe eo fanatanterahana ny drafitrasa ny kaominina ary resy lahatra ny teo anivon'ny kaominina sy ny mpizaika fa ny anisan'ny fanoitra lehibe ho amin'ny fampandrosoana izany.

LAHADINIKA 1: NY HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA

Tanjona :

Amin'ity lohahevitra ity , ny mpanentana sy ny mpizaika dia hanamafy ny atao hoe:

- SEXE SY GENRE
- hevitra raiki-tapisaka
- Hahafantatra ireo hevitra novolavolain'ny firaha-monina ka nahatonga ny fanilihana ny vehivavy

Niroso tamin'ny fampahafantarana ireo fepetra sy ny fifanarahana eran-tany mahakasika ny miralenta syny fampandrosoana ny atrikasa

LAHADINIKA 2: NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA
NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA

Tanjona : Fampahatsahivana ny mpandray anjara ny votoatin'ny Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika (F.A.A.)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Fampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firenen-tsamihafa
- Famohazana ny sain'ny mponina (mpizaika) fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo (fifanarahana)
- Ny fanadihandiana sy ny ady hevitra nahafahana naneho tamin'ny mpiofana ireto karazana fifianarahana iraisam-pirenana ireto

1- Karazana fifanarahana nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny

Eo amin'ny iraisam-pirenena:

- Conference de Bejing na Beijing 1995
- DUDH: Déclaration Universelle de Droit Humain
- OMD : Objectif du Millenium pour le Développement
- CEDAW (teny anglisy)/ FIFEV: Fifanarahana iraisam-pirenena ho Fanafoanana ireo Endrim-panavakavahana mianjady amin'ny Vehivavy

Rejionaly na Faritra:

- Protocole SADC : Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika mahakasika ny miralenta sy fampandrosoana

Nasionaly: MADAGASIKARA

- Lalam-panorenana
- PNPF : Politique Nationale de la Protection Féminine
- PANAGED: Plan d'Action National pour le Genre et Développement

Famintinana :

Ny FAA izay halavaina hoe « Fifanarahan'ny faritra Antsimo ao Afrika » (SADC) dia ireo fikambanan'ny Firenena niady ny hisian'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Firenena. Anisan'ny zavatra niadiana ny hanaovan'ireo Firenena sonia ilay FAA na ny Protocole de la SADC izay ahitana tanjona maromaro.

Koa satria i Madagasikara efa nanao sonia io Fifanarahana io, dia nohazavaina fa anisan'ny hirotsaka sy hiaina izany miralenta sy ny fampandrosoana izany ihany koa ny Kaominina Sabotsy Namehana . Ary dia efa nazavazava sahady ho an'ny mpizaika ny zavatra andrasana aminy ny mahakasika ny famolavolana ny drafitrasa mirona amin'ny miralenta sy ny fampandrosoana

LAHADINIKA 3: *NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA*

Tanjona: ny famerenana sy fanamafisana ny atao hoe:

- Ny fifandraisan'ny miralenta sy ny fitondram-panjakana dia tsy hoe fanomezana toerana ny vehivavy eo amin'ny sehatra Politika na fandraisany anjara amin'ny fanapahan-kevitra ihany fa tena mihoatra lavitra noho izany.
- Atao izay fomba rehetra ahafahana manome lanja ny hevitra atolotrin'ny vehivavy

Maro ny sakana izay tsy ahafahan'ny vehivavy miditra sy mandray anjara eo amin'ny sehatry ny fanampahan-kevitra ka tsy ahafahany mitondra fampandrosoana

Ny fanentanana, ny famafafisana ny traikefa , ny fahaizana mampiasa fahefana ary indrindra fa ny fampandraisana anjara ny vehivavy no antoka hitondran-izy ireo ny fampandrsoana

LAHADINIKA 4: HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA

Tanjona : famerenana sy fanamafisana ny hoe:

- Antony mahatonga ny Miralenta ho tsy azo sarahina amin'ny fampandrosoana;
- Fanasongadinana ny mahasamihafa ny filana fototra andavanandro sy ny filana maharitra mila paik'ady izay anisan'ny voizin'ny miralenta mba tsy hisian'ny elanelana be eo amin'ny isan-tokantrano
- Fijerena akaiky ireo hevitra fototra hoenti-miroso amin'ny fanatanterahana ny Miralenta sy ny fampidirana ireo foto-kevitra ireo any amin'ny drafitrasa fampandrosoana.

LAHADINIKA 5: TETI-BOLA HIROSOANA AMIN'NY MIRALENTA

Tanjona :

Amin'ity lohahevitra ity , ny mpizaika dia hahay

- Fintantanana ny vola hirosoana amin'ny miralenta sy ny fanampariahana ny fahalalana momba ny miralenta;
- Manana teti-bola misahana ny miralenta.

Votoatiny

MIRALENTA, NY FIHARIAN-KARENA ARY NY TETI-BOLA

- Ny lainga hiainana eto an-tany;
- Ireo andraikitra sahanin'ny vehivavy mpikarakara tokan-trano;
- Fanazavana ny fiharian-karena eo amin'ny sehatra miankina sy ny sehatra tsy miankina.

Taorian'ny fanadihadiana ny tahirin-kevitra dia nisy ny fintina ary narahina ady hevitra avy amin'ny ireto fanontaniana ireto

- Misy anjara asa natokana ho an'ny vehivavy ve?
- Raha tsy handraisana karama ve dia tsy fiharian-karena?
- Inona no tolon-kevitra avy aty amin'ny mpiofana mikasika ny fiharian-karena ka hisy fiantraikany eo amin'ny vehivavy sy lehilahy hisian'ny fampandrosoana

TETI-BOLA
TANJONA

- Ny teti-bola izay tantanina eo anivon'ny Kaominina dia misy ampahany miahy ny miralenta mba hisian'ny fiantraikany eo amin'ny vehivavy sy lehilahy

Fintina sy tsoan-kevitra

Fampahafantarana ny mpizaika fa :

- Ny teti-bola eo anivon'ny kaominina dia tokony hijery ampahany hiasana amin'ny ady atao amin'ny herisetra sy ny fametrahana ny miralenta;
- Hisy fiantrakany eo amin'ny fianain'ny vehivavy sy ny lehilahy ny fanantanterahna ny teti-bola ;

Nisy ny ady hevitra nivoitra tamin'ny fanantontosana ity teti-bola ity ka nandray anjara mavitrika tamin'izany ireo mpiasan'ny kaominina.

LAHADINIKA 6: FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY
Tanjon'ny lohahevitra: famerenana sy fanamafisana ny hoe:

- mikasika loharanom-pamokarana sy ny asa ao amin'ny fifanarahan'ny SADC momba ny miralenta;
- Fametrahana ny andraikitry ny kaominina manoloana ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony.

Votoatiny:

1-Fanontaniana arahim-baliny: AIZA NO KITRO IFAHARAN'NY FAMPANDROSOANA ?

Ny antony nametrahana ity fanontaniana ity dia ny ahafahan'ny mpizaika mahafantatra fa ny kaominina no kitro ifaharan'ny fampandrosoana , ka nisarihana ny fijerin'ny mpizaika fa tompon-andrikitra lehibe eo amin'ny fampandraisana anjara ny lahy sy ny vavy ny kaominina eo amin'ny izany fampandrosoana izany .

Taorian'ny fanazavana dia nanome ny famintinana mikasika ny atao hoe : fampandrosoana ara-ekonomika ifotony.

Raha voafaritra ny fampandrosoana ara-ekonomika ifotony dia tsara ny nampahafantatra fa ny fampandrosoana ara-ekonomika ifotony dia :

- Fanomezana lanja ny ireo loharanon-karena eo an-toerana ;
- Fahafantarana ny filana ka ilaina valiny haingana ;
- Famadihana izany ho tetik'asa mba hivadika asa ka handraisan'ny rehetra anjara ;
- Misy fiantrikany amin'ny fianan'ny vavy sy ny lahy;
- Ny mpiara-miombon'antoka ao antoerana no mandray anjara amin'ny fampandrosoana ifotony;
- Fanomezana lanja ny hevitra, ny fahaiza-manao avy eo an-toerana.

- Fahafahana mandray anjara ;
- Sehatry ny varotra sy sehatr'asa tsy andrafitra ;
- Paika eo amin'ny lafiny varotra sy fandraharana ;
- Fanareanana ny vokatry ny fanavakavahana.

Nisy 15 mn ny faharetan'ny asa tarika ka nahafahan'ny tarika hifanakalo hevitra, sy hifampizarana, rehefa vita izany dia niroso tamin'ny fanolorana ny asa vitany ny tarika tsirairay, tao anatin'izany dia nisy ny ady hevitra ary namoahana ny tsoan-kevitra mikasika ny miralenta sy ny fampahaleovan-teana ny vehivavy mba hitondra fampandrosoana eo fiaraha-monina , marihina fa nivohitra tao anaty ady hevitra ny paik'ady ny fampandraisana anjara ary ny fandinihana miaraka ny tahirin-kevitra .

Ny fitadiavana mpiara-miombon-antoka toy ny famantsiam-bola (FIVOY) mba ahafahn-ireo vehivavy mamantsy ny tetikasany.

Tao anatin'y famakafakana ny mikasika ny lahadinika dia maro ihany koa ireo hevitra natolotry ny mpizaika ho an'ny kaominina ka hampidirana izany ao amin'ny ny drafitrasa.

Asa fikarakarana ny marary

Ity lahadinika ity dia nentina nampahafantarana ny mpizaika ny fandraisana an-tanana sy ny fisorohana ny VIH SIDA , ankoatry ny resaka VIH SIDA dia nanao fanamarihana ny mpizaika fa ny aretina mahakasika ny firaisan'ny lahy sy ny vavy dia misy

Ny kaominina dia manana CSB I, anisan'ny mpizaika tamin'ny atrikasa ny mpitsabo iray CSB I, nasongadiny fa efa manao ny asa fisorohana, fandraisana an-tanàna ny marary ny tobim-pitsaboana amin-izany

LAHADINIKA 7: FAMPANDROSOANA MAHARITRA: FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO

Tanjona

Amin'ity lohahevitra ity dia famerenana ny hoe :

- Fahafantarana ny mikasika ny fiovaovan'ny toetrandro :
  - NY ANTONY
  - NT FIANTRAIKANY
  - N Y FIFEHEZANA
- NY Fifandraisan'ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro
- Ny fampandrosoana maharitra

Fintina :

Tao anatin'ny fanamafisana mikasika fiovaovan'ny toetr-andro dia voafehin'ny mpiofana ireo politikan'ny fiatrehana sy ny fampihenana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro ary anisan'ny ho ampidirina ao amin'ny drafitrasa .

LAHADINIKA 8: MIRALENTA SY NY ADY ATAO amin'ny HERISETRA (Violence basée sur le genre)

Tanjona

- Fahafantaran'ny mpizaika ny mahakasika ny tontolo manodidina ny atao hoe "herisetra "
- Fifehezana ny ady atao amin'ny herisetra
- Fahazaoan-antoka fa hisongadian ao anaty drafitrasa ireo asa ho atao mahakasika ny ady atao amin'ny herisetra

Asa natao

Fanontaniana narahim-baliny, ary fanadihadiana tamin'ny alalan'ny asa tarika narahina fandravonana.

Fandravonana

Ity lahadinika dia nahafahan'ny mpizaika nifanakalo hevitra mahakasika ny sehon'ny herisetra, teo no nahafantarana fa maro ny herisetra mainjady amin'ny miralenta , fa ny tsapa dia ny vehivavy no tena iharany

Taorian'ny fifanakalozana ny fanadihandiana dia nisy ny tsoan-kevitra :

Ny famaritana ny herisetra , ny endrika hisehoany , ny fiantraikany eo amin'ny firaha-monina ary indrindra ny fandaminana sy ny fandrindrana ny asa entina miady amin'ny herisetra ka tafiditra tao anatin-izany

- Ny Fisorohana
- Ny fandraisna an-tanàna
- Ny fanohanana

Ary indrindra fa ny tokony ho ataon'ny kaominina manoloana ireo olona nanao ny herisetra

Samy rsey lahatra ny rehetra fa anisan'ny ho asonngadina ao antin'ny drafitrasa ary ho tanterahina eo aivon'ny kaominina ny mahakasika ny herisetra

LAHADINIKA 9: FANDRAVONANA DISADISA

Tanjona: famerenana sy fanamafisana ny hoe:

- Fahafantaran'ny vehivavy sy ny lehilahy ny tontolo manodidina ny disadisa;
- Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena;

Votoatiny ny lahadinika :

- Fepetra mikasika ny fitondrana sy fifampitondrana notsoahina tao amin'ny fifianarahan'ny SADC momba ny miralenta sy ny fandravonana disadisa : nasongadina teo amin'ny mpizaika ny andininy 28:
  - Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena;
  - Fisorohana ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy sy ny fiarovana azy ireny mandritra ny ady itanam-piadiana;
  - Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny fanolanana.

Avy eo dia nametraka ny fanontaniana

- Inona no ifandraisan'ireo fepetra ireo amin'ny zava-misy ao amin'ny kaominina?

- Nandray anjara teo amin'ny famaliana ity fanontaniana ity ny mpizaika rehetra ary nahatsapana fa tsy ampy ny vehivavy eo amin'ny kaominina indrindra fa ny mpikambana ao amin'ny filankevitra izay tompon-andraikitra voalohany amin'ny fandravonana disadisa eo amin'ny kaominina

- Karazana disadisa na ady:
  - Fifandraisana vondrona roa samy hafa ;
  - Fifandraisana olona roa samihafa ;
  - Eo amin'ny tenan'ny olona iray.
- Anton'ny disadisa:
  - Tombotsoa vaotohitohina ;
  - Tanjona tsy ifanarahana ;
  - Ny fiheverana tsy mitovy amin'ny alalan'ny soatoavina , kolontsaina ;
  - Fampiharana ny lalàna , sy ny fitsipika misy eo amin'ny fiaraha-monina ;
  - Tsy fitoviana.
- Fiantraikan'ny disadisa
  - Herisetra ;
  - Tsy fandriam-pahalemana, tsy fiasian'ny filaminana ;
  - Tsy fisian'ny fampandrosoana.

- Ny dingana ho fandravonana ny disadisa

Fomba entina mampitsahatra ny ady na eo samy olona, na vondrona ,

Ny tanjona dia hisian'ny famahana olana ka ny tsirairay dia hahazo tombotsoa , ho tonga amin'ny fifanarahana ka ny dingazna arahina amin'izany

- Famantarana ny toerana misy ao anaty disadisa
- Ireo olona hisehoan'ny disadisa
- Ny anton'ny disadisa
- Ny famantarana ny karazana disadisa
- Ny fisehoany , fiantraikan'ny disadisa , fahafantarana ny olona hiantraikan'ny disadisa
- Ny toerana hitrangan'ny disadisa
- Fihainoana ny hevitr'ireo olona hisehoan'ny disadisa
- Mijery ny vaha-olana hamahana ny disadisa
- Fandraiketana an-tsoratra ny vaha-olan noraisina
- Fanaovana tomban-ezaka ny vaha-olana nampiharina

- Fandravonana ady sy miralenta
  - Mahakasika ny zo , andraikitra , fifandraisana fifanantonana , fanarenana
  - Ny singa fototra iankinan 'ny fandravonana ady :
    - Fampahafantarana , fifaneraserana, tombotsoa, tsy fitanilana , fitondrana hevitra na fomba vaovao

- Ny faran' ny fandravonana dia ny FIFANARAHANA ho amin'ny tombotsoa iraisana

- Toetra tokony hanana amin'ny fandravonana disadisa:
  - Fahaizana mihaino
  - Tsy mitanila
  - Fanajana ny zo sy ny hevitry ny hafa
  - Fandraisana fanampaha-kevitra mazava ampahatoniana

LAHADINIKA 10: FAMOLAVOLANA DRAFITRASA

Tanjona

Ity famolavolana ny drafitrasa ity no manamarika fa maha-kaominina « Ivo toerana mendrika » amin'ny fivohizana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.
Nozaraina tarika telo ny mpizaika ary nisy ny fandravonana ankapobeny ary famaranana sy ny fandravonana.

VOKATRA AZO

- 25 mpizaika nahazo ny fifoanana ary nahazo ireo tahirin-kevitra mifanaraka amin'ny lahadiniky ny fiofanana
- Fikambanana komity ny miralenta tafatsangana eo anivon'ny kaominina ka hatsangana aram-panjakana eo anivon'ny Disitrika
- Drafitrasa voavolavola sy vita rafitra

FANAMBY

- Ny fanantontosana sy ny fahatrarana ny tanjona rehetra voalaza ao anatin'ny drafitrasa
- Ny fahavitrihanan'ny kaominina hanantanteraka hivohy ny miralenta ary hiarahany amin'ny herivelona rehetra eo an-tanàna

ASA MANARAKA

Ny fankatoavana ny drafitrasa (dingana 6) eo amin'ny mpanolon-tsaina sy ny fanaovana Sonia, fanatanterahana izany ka ahafahan'ny kaominina mandray anjara amin'ny fihaonana an-tampony

FANDAHARAM-POTOANA
ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON-TOERANA MENDRIKA
Dingana faha: 5
Firenena: Madagasikara
Kaominina: TSIMANANADA
Toerana: ecole primaire publique Tsimananada centre
Daty: 15, 16, 17 octobre 2014

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'andraikitra)
	Andro voalohany	
08H00 – 08H30	Fandraisana ny mpiofana	Mpampiofana
08H30 – 08H45	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanàna Mpampiofana
08H45 – 10H00	FAMERENANA NY LOHAHEVITRA DINGANA FAHA-4	
	Hevitra fototra iompanan' ny Miralenta (Genre et sexe)	Ny mpiofana
	Miralenta sy ny fitondram-panjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana	Ny mpiofana
	Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa	Ny mpiofana
10H00 -10H15	**Pause-café**	
10H15- 12H30	FAMERENANA NY LOHAHEFITRA DINGANA FAHA-4 (Tohiny)	
	Foto-kevitra sy pôlitika hahatongavana amin'ny Miralenta	Ny mpiofana
	Miralenta sy ny fiharian-karena	Ny mpiofana
	Fampandrosoana ny toe-karena ifotony	Ny mpiofana
	Fampandrosoana maharitra (fiovaovan'ny toe-trandro)	Ny mpiofana
12H30 – 14H00	**Sakafo**	
14H00 – 14H30	Fanazavana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra	Ny rehetra
14H30- 16H30	Fandrafetana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra	
	Andro faha-2	
08H30- 10H00	Fandrafetana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra tohiny	Ny rehetra
10H00- 10H15	**Pause-café**	
10H15 – 12H30	Fandrafetana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra tohiny	Ny rehetra
12H30 – 14H00	**Sakafo**	
14H00- 16H30	Fandrafetana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra tohiny	
	Andro faha-3	
08H30 – 10H00	Fandrafetana ny drafitrasa momba ny " Miralenta sy ady amin'ny herisetra tohiny	Ny rehetra
10H00 -10H15	**Pause café**	
10H15 – 12H30	Fandravonana ny drafitr'asa (Fijerena azy hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany)	Ny rehetra
12H30 – 14H00	**Sakafo**	
14H00– 16H00	Fandravonana ny drafitr'asa (Fijerena azy hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany)Fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny miralenta	Ny rehetra
16H00 -16H15	Tombana	Ny mpampiofana
16H15 – 16H30	Famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fiofanana	Ben'ny Tanàna

Dingana : Stages 5
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana : Commune Rurale Tsimananada
Daty : 15- 16- 17 octobre 2014

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N° 47	Anarana sy fanampiny	Lahy (L) /Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
01	MAHARAOKY	L	Tsimananada	Maire	033 19 841 82	
02	FANILINA Justin	L		1er adjoint Maire	033 61 744 44	
03	MARA Famorognae	L		1er responsable Etat-civil	033 28 838 10	
04	SOAMAGNORIKE	L		Formateur CAN		
05	KODOBO	V		Présidente association VMLF		
06	BARISOA Jonarivelo	L		Surveillant CEG		
07	SOJA Gervais	L		2ème responsable Etat-civil		
08	VALAKE	L		Police communal		
09	VALESOA Christophe	L		Précipteur FLM	033 054 91 00	
10	FOFO Masy	V		ACN VIH/SIDA		
11	MARY Antanae	V		ACN (agent communautaire de nutrition)		
12	DAMY Soanavere	L		Chef FKT		
13	MENABOAE	V		Tisserand		
14	RASOA Juliette	V		Couturière		
15	ANDRINDRAINY Sylvestre	L		Agent communautaire de santé		
16	SELAMBO	V		Instituteur		
17	MANJOVARA Tsimontsihery	L		Etudiant		

18	FANAMPISOA Joseph	L		STC		
19	NASOLONDROANY	V		Présidente croix-rouge		
20	PASCALINE	V		Conseiller communal		
21	NDAMBO	L		Police communal		
22	RETSIVANY Ernest	L		President conseil communal		
23	ANALOGNE Esperence	V		ACN SEECALINE		
24	ILAHA	L		Directeur CEG	033 20 870 21	
25	SANA Jeannette	V		Enseignant CEG	033 19 854 50	
26	RAKOTO ANDRIAMIHAMINA Simone Claire	V		Formatrice	033 08 722 78	kotoclaire@gmail.com
27	HAVATIANA Hélène Alberti	V		Formatrice	033 49 197 09	

TOVANA D: TOMBANA

LAHY/VAVY	15 LAHY 10 VAVY					
Firenena	Madagascar					
Kaominina	Tsimananada					
Taona	☐12 - 17	18 -30 6	31- 40 8	41 – 50 7	51 – 60 4	60 +
Education/Formation	☐Primaire 7	☐Secondaire 10	Université 1	Formation professionelle 2	☐Vocation 5	

TOMBANA

	SCORES
1. Firafitry ny fandaharana ankapobeny	9.75
2. Votoatin'ny fandaharana	9.16
3. Tahirin-kevitra	9.10
4. Fampitan'ny tompon-andraikitry ny fiofanana	9.25
5. Asa tarika	8.83
6. Vokatra azo	8.58
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	7.91
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	8.5
9. Tombotsoa amin'ny fivelerana	8.75
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	8.25

FANAMARIHANA

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao ? antony ?

- Fandaharana mahakasika ny miralenta sy ny fitondram-panjakana
- Ireo fenitra iraisam-pirenena
- Ny fanazavana mahakasika ny herisetra
- Ny fampandrosoana toekareana ifotony
- Ny seho an-tsehatra tamin'ny fandravonana disadisa
- Ny famolavolana ny drafitrasa

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? antony
   Tsy nisy

3. Ahoana ny fomba ampiaharanao ireo fahalalana azoanao teto amin'ny fiofanana?

   Ny fidinana eny ifotony
   Ny firesahana eo am-piangonana
   Ny fandresen-dahatra eny anivon'ny lehilahy

Fanamarihana hafa

- Mangataka fiofanana mahakasika femme leader
- Mila fitohizana izao atrikasa izao
- Afapo fa misaotra
- Ilaina ny fiofanan toy itony amin'ny ambaratonga maro samihafa
- Mbola lavitra ny ezaka eto Tsimananada nohon'ny raikitapisaka
- Voafetra ny isan'ny mpiofana nefa maro ny te handray anjara
- Tokony antsoina zahay hanao temoignage na eto na any ivelany
- Fankasitrahana ny mpampiofana ary mirary ny hitohizan-izany

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA MIHATRA AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza/inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana, valio ireo fanontaniana*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana*
- ***Oviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny teti-bola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA								
Fampitomboana ny fahafantaran'ny kaominina ny momba ireo fanekena izay efa nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, eo anivo'ny faritra faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Protocle n'ny SADC momba ny Miralenta sy Fampandrosoana.	Maro tsy mahalala ny lalàna sy ny fifanekena efa misy *Inona ny toe-java-misy amin'izao fotoana izao?*	Fampahafantarana ny vahoaka momba ireo lalàna sy Fifanekena efa misy, ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny maha olom-pirenena feno azy	Tafatsangana ara-dalana ny komity momba ny miralenta eo anivon'ny Kominina (Birao, Statut, Récepissé, ...)	1- Fananganana ny komity ho an'ny miralenta miainga avy amin'ireo nahazo fiofanana	Mijoro ara dalana ny komity ho an'ny miralenta	Kaominina, Ireo izay nahazo fiofanana momba ny miralenta, CECJ	Manomboka ny novambra 2014 mitohy mandava-taona	
	Mbola tsy misy ny		100 % ny	2-	Mahafant		Desambra	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	fanentanana eny anivon'ny fokontany tsirairay.		tomponandraikitra no resy lahatra amin'ny politikan'ny miralenta	Fampahafantarana sy Fanentanana ny amin'ny politika momba ny miralenta an'ireo tomponandraikitra eo anivon'ny fiadidiana ny Kominina sy ny FKT	atra sy resy lahatra ny amin'ny fanekenaizay efa nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, eo anivo'ny faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Protocle n'ny SADC momba ny Miralenta	Kaominina Ny Komity voajoro	2014	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
					sy Fampandrosoana.			
Fahazoana antoka fa misy pôlitika na drafitrasa momba ny miralenta eo anivon'ny kaomininina ary ampiaharina izany.	Tsy mbola manana drafitrasa momba ny miralenta ny kaominina *Efa manana drafitrasa ve ilay kaominina? Efa nankatoavin'ny kaominina ve izany drafitrasa izany? Ampiharina ve izany?*	Fahazoana antoka fa misy ny lalàna mipetraka entina hampiroboroboana ny fampandraisana anjara ny vehivavy	Voarafitra ny drafitrasa momba ny miralenta	Mamolavola drafitrasa ny kaominina sy ny komity mijoro	Drafitrasa momba ny miralenta vita sy hankatoavin'ny kaominina	Kaominina sy komity mijoro	Octobre – novembre 2014	
Ny Pôlitika mifototra amin' ny miralenta dia atao laharam-pahamehana eo anivon'ny kaominina ary misy olona singanina ho loha laharana amin'izany.	Mbola tsy misy ny politika momba ny miralenta ao amin'ny kominina		Mitana laharam-pahamehana ny pôlitika miralenta	Mamolavola drafitrasa ahitana ny famiharana ny miralenta	Fampiharana ny politikan' ny miralenta tarihin'ny komity mijoro	Kaominina sy komity mijoro	Octobre – novembre 2014	
I.FITANTANANA								
Fiheverana								
Fampitombona ny isan'ny	5% ny	50% n'ny vehivavy eo	100 % ny	Fanentanana	50% ny	Ny Komity	Manombo	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
vehivavy mpanolo-tsaina amin'ny fifidianana manaraka mba hanatrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry 50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015.	mpanolo_tsaina vehivavy ao amin'ny kaominina *Firy isan-jaton'ny mpanolo-tsaina no vehivavy eo amin'ny kaominina?*	amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015	fikambanam-behivavy dia voaentana avokoa	ny fikambanam-behivavy samihafa eto an-tapy tanàna Tsimananada	fikambanana manolotra vehivavy hilatsaka ho fidiana	voajoro, ireo tomponandraikitra ao amin'ny kominina sy ny fokotany resy lahatra ary ny DIR/POP	ka ny volana janoary 2015 Mandram-pahatongavan4 ny fifidianana eo anivon'ny kominina	
Fahazoana antoka fa voasolo tena mitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy ao amin'ireo seham-pitarihana ao amin'ny kaominina	Tsy mbola misy ny vehivavy eo amin'ny seha-pitarihana *Firy isan-jaton'ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina no eo amin'ny seha-pitarihana (Ohatra: Lehiben'ny mpanolo-tsaina)*	Pôlitika, paikady, ary fandaharanasa entina hampiofanana ny vehivavy mba hahafahan'izy ireo mandray anjara sy manana traikefa momba ny fahaiza-mitarika	100% ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina dia voaentana avokoa	Fandresen-dahatra sy fanentanana ny vehivavy miasa ary Fifampiresahana amin'ireo izay efa manana traikefa ara-politika	Resy lahatra ny 80% ny vehivavy sy ny lehilahy ny amin'ny fitoviana eo amin'ny seham-pitarihana	Kaominina, komity mijoro, olom-pirenena malagasy	Volana janoary 2015 mandrapahatongavan'ny fifidianana eo anivon'ny kaominina	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fampahafantarana ny vahoaka momba ny maha-zava-dehibe ny fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy amin'ny seha-pitantanana	Misy fa tsy ampy ny hetsika hampiroborobona ny fampandraisana anjara ny vehivavy ao amin'ny kaominina *Efa nisy hetsika entina hampiroboroboana ny fampandraisana anjara ny vehivavy ve teo amin'ny kaominina?*	Fampahafantarana ny vahoaka fa zava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny seha-pitantanana, mariky fitandroana ny demôkraisa sy ny fitondrana tsara tantana izany.	90% no resy lahatra ny hirotsahan'ny vehivavy amin'ny seham-pitantanana	Fanentanana eny anivon'ny fiaraha monina ny tokony handraisan'ny vehivavy anjara amin'ny seham-pitantana samihafa	Vehivavy vonona sy sahy handray andray anjara ary mazoto hiofana amin'izany fitantana izany	Kaomity mijoro, kaominina, ireo izay efa manana traikefa afaka hampita fahalalana ary mpamatsy vola	Manomboka desambra 2014 desambra 2015	
Fandraisana anjara								
Ny vehivavy dia manana tolo-kevitra sy filàna hafa ankoatry ny an'ny lehilahy. Ilaina noho izany ny fampiroboroboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy mandritra ny fivoriana rehetra eo amin'ny kaominina	misy fa vitsy fivondronan'ny vehivavy miasa eo amin'ny seham-pitantanana, toy ny mitantana croix rouge, fanjarian-tsakafo ho any zaza 0 ka hatramin'ny 5 taona, CECJ (ivon-toerana	Pôlitika, paikady ary fandaharanasa hametrahana na hanamafisana ny rafitra hampiroboroboana ny Miralenta	Mitombo 30% ny isan'ny vehivavy miasa anaty seham-pitantanana	Famporisihana ny fananganana fikambanam-behivavy eo amin'ny kaominina	Mijoro ny fikamban am-behivavy eo anivon'ny kaominina	Kaominina sy komity voajoro	Manomboka desambra 2014 desambra 2015	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	handraisana an-tanana ireo izay iharan'ny herisetra) *Efa misy fivondronan'ny vehivavy izay miasa eo amin'ny seha-pitantanana ve eo amin'ny kaominina?*							
	Misy fifandraisana aminà tambazotra ny fikambanam-behivavy vitsivitsy eto amin'ny kaominina toy ny VMLF (vehivavy miralenta ho an'ny fampandrosoana), CECJ *Efa nisy ve ny fifandraisana taminà tambazotra na fikambanana hafa?*		Mitombo 30% ny fikambanam-behivavy tafiditra anatina tambazotra/ fikambanana hafa	Fanentana amin'ny alalan'ny haino aman-jery, mikaroka fihaonana sy fifandraisana amin'ireo fikambanana hafa	Ny fikambanana efa nijoro sy vao hajoro dia mifandray aminà fikambanana hafa/tambazotra	Kaominina, komity mijoro, haino aman-jery	Manomboka desambra 2014 desambra 2015	
Fanofanana ny vehivavy eo anivon'ny kaominina mba afahan'izireo mijery ny laharam-	Mbola tsy misy fikarohana natao momba ny	Pôlitika, paikady ary fandaharanasa entina hampiofanana ny	50% ireo vehivavy mahazo	Fanofanana sy fanampiana	50% Vehivavy manana	Kaominina komity mijoro	Manomboka volana febroary	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
pahamehana ho an'ny vehivavy	fahaiza-manaon'ny vehivavy fa kosa misy manana traikefa ny eto amin'ny kaominina toy ny agent communautaire de nutrition, de santé *Efa nisy fikarohana natao momba ny fahaiza-manaon'ny vehivavy ve? Inona no traikefa efa hananan'ny vehivavy?*	vehivavy momba ny fahaiza-mitarika	fiofanana fanampiana avy amin'ny mpampindram-bola	an'ireo vehivavy Mifampiresaka amin'ireo orin'asa mpampindram-bola sy tetikasa samihafa	traikefa afaka sy mahazo fiofanana sy fanampiana avy amin'ny mpampindram-bola madinika	mpamatsy vola madinika	2015 desambra 2015	
	Nisy fikambanam-behivavy nahazo fiofanana mikasika ny fampindramam-bola madinika *Inona avy ireo fiofanana efa natao?*		50% ireo fikambanam-behivavy misy eto an-toerana mahazo fiofanana mikasika ny miralenta, ny filàna fototra andavanandro sy filana	Fanofanana ireo fikambanam-behivavy amin'ireo tetikasa misy eto an-toerana,	50% vehivavy afaka mamolavola ny filany fototra sy ny filany mila paikady	Kaominina komity mijoro mpamatsy vola madinika	Manomboka volana febroary 2015 desambra 2015	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
			mila paikady					
Fanofanana ny lehilahy eo anivon'ny kaominina momba ny miralenta ary fanentanana azy ireo mba hanohana ireo hetsika atao entina hampiroboroboana ny Miralenta	Nisy ny fiofanana momba ny miralenta efa natao, 50% lehilahy nokarakarain'ny VMLF *Inona avy ireo fiofanana efa natao? Firy ny isan'ny lehilahy nandray anjara?*	Fampandraisana anjara ny lehilahy mandritra ireo hetsika rehetra momba ny Miralenta, isan'izany ny fanofanana	80% y lehilahy liana amin'ny miralenta ary resy lahatra	Fampandraisana anjara ny lehilahy sy ny vehivavy amina fivoriana sy ny hetsika atao ato an-tanana	Miova ny toetsaina raiki-tapisaka ho toetsaina misokatra sy mivelatra hampiroboroana ny miralenta	Kaominina, komity mijoro, olom-pirenena	Manomboka volana novambre 2014 desambra 2015	
	Mbola tsy nisy ny fifampiresahana tamin'ny mpanolo-tsaina lehilahy *Nisy fifampiresahana natao tamin'ireo mpanolo-tsaina lehilahy ve?*		80% ny lehilahy resy lahatra ny amin'ny fampiarana ny miralenta	Entina amin'ny fivorian'ny filan-kevitry ny kaominina ny hampiroboroborona ny mirakenta	Lany sy tanterahina ny fampiharana ny mmiralenta	Kaominina; filan-kevitry ny kaominina	Volana novambra 2014	
Fandraisana anjaran'ny vahoaka								
Fahazoana antoka fa ny vehivavy sy ny lehilahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony.	3% sefo fokontany vehivavy; vehivavy 4 amin'ny 54FKT no chef FKT ary	50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015	50 % ny lehilahy no resy lahatra, ary 60 % ny vehivavy	Fanentanana sy fampahalalana zo sy andraikitry	40% Vehivavy voaentana sy mirotsak	Kaominina komity mijoro fikambanam-	Volana desambra 2014 mandra pahatonga	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	vehivavy 3 amin'ny 15 miasa ao amin'ny kaominina *Firy isan-jaton'ny sefo Fokontany no vehivavy?*		kosa no tapa-kevitra handray anjara.	ny vehivavy amin'ny raharaha eny ifotony	a ho fidiana sefo Fokontany	behivavy	n'ny fifidianana	
	Tsy misy famantarana ny fanamarinam-ahatongavana rehefa misy fivoriana atao eo amin'ny kaominina *Misy marika entina hanavahana ny lahy sy ny vavy ve ny fanamarinam-pahatongavana mandritra ny fivoriana atao eo amin'ny kaominina?*	Mandray anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo amin'ny rafi-pitantanana rehetra	100% ny fanamarinam-ahatongavana amin'ny fivoriana dia voamarika ny hoe lahy na vavy	Fampahafantarana sy fametrahana marika ny maha lahy sy vavy amin'ny fanatrehana fivoriana	Voamarika amin'ny tahirim-pahatongavana ny iasn'ny lahy sy ny vavy	Lehiben'ny sampandraharaha isan'ambaratongany, kaominina, fikambana na samihafa, komity mijoro	Novambra 2014 desambra 2015	
	Mbola tsy misy atrikasa natokana ho an'ny lehilahy *Efa nisy atrikasa natokana ho an'ny*	Fampandraisana anjara ny lehilahy mandritra ireo hetsika sy fanofanana rehetra momba ny Miralenta	50% ny lehilahy voaentana hamonjy fivoriana ny amin'ny	Fanentanana ny lehilahy amin'ireo hetsika mifandray amin'ny ady	50% lehilahy mandray anjara amin'ny hetsika	Kaominina, komity mijoro, CECJ, fikambana na	Novambra 2014 desambra 2015	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	lehilahy ve?		miralenta sy resy lahatra ny amin'izany	atao amin'ny herisetra sy fiaraha – mientan'ny lahy sy vavy ho amin'ny fampandrosoana	atao ao amin'ny kaominina	samihafa		
II. LAMIN'ASA								
Fahazoana antoka fa nangalana ny hevitry ny vehivavy ny lamin'asan'ny kaominina ary ampiharina izany lamin'asa izany	Tsy ahitana taratra fampiroboroboana ny miralenta ny lamin'asa kaominina *Efa ahitana taratra ny fampiroboroboana ny Miralenta ve ny lamin'asan'ny kamonina?*		50% ny vahoaka voaentana amin'ny fivoriambe pokonolona ny amin'ny fampidirana ny vehivavy amin'izay lamin'asa hatao	Manao fivoriambe-pokonolona isam-pokontany mampafantatra sy manentana ny rehetra amin'ny fandraisana ny vehivavy amin'ny lamin'asa atao	Vehivavy mitarika sy mandray anjara amin'ny lamin'asa eo an-toerana	Komity mijoro, chef FKT	Novambra 2014 – desambra 2015	
Fahazoana antoka fa nalaina ny hevitr'ireo vehivavy mandritra ny fandrafetana ny lamin'asa rehetra eo amin'ny kaominina	Mbola tsy manana komity miralenta ny kaominina ahafahana maka hevitr'ireo	Fampandraisana anjara mitovy ny lehilahy sy ny vavy mandritra ny fandrafetana ny	30% ny vehivavy manolotra hevitra amin'izay	Manentana sy miantso ny vehivavy isaky ny misy lamina	Vehivavy mandray andraikitra sy manana	Kaominina, komity mijoro, mpikaraka ra fivorim-	Janvier 2015-desambra 2015	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	vehivavy *Mandray anjara amin'ny fandrafetana ny lamin'asa ve ny kômity Miralenta? Noraisina ve ireo hevitra naroson'ny vehivavy?*	lamin'asan'ny kaominina sy ny fanatanterahana izany.	lamin'asa atao	hapetraka ato amin'ny kaominina	anjara toerana eo amin'ny lamin'asa hapetraka	be pkonlona		
NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY								
Fampandrosoana ara-toe-karena ifotony – Toe-karena sy famoronana asa								
Fanamorana ny fahazoana asa na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	50% ny asa atao HIMO ao amin'ny kaomiina dia vehivavy *Fantatra ve isan'ny vehivavy nahazo asa avy amin'ny kaominina (Ohatra: HIMO)?*	Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa.	Ny hampiharana 50% ny fahazoan'ny vehivavy asa eo amin'ny asa izay atao ato amin'ny kaominina	Fanentanana ireo vehivavy mba harisika	Voahaja sy voatazona ny 50% vehivavy miasa amin'ireny asa maro atao ireny	Kaominina, tompon'ny tetikasa, komiti mijoro	Mandavan-taona	
Fampidirana ny Miralenta eo anivon'ny sehatra tsy manara-penitra	Tsy dia hita taratra loatra ny fitsinjoana manokana ny vehivavy eo amin'ny sehatra	Varotra sy sehatra tsy manara-penitra: fandrafetana pôlitika, na famolavolana lalàna mba hitovian'ny taham-pahombiazan'ny	Mitombo isa ny vehivavy eo amin'ny sehatr'asa manara-dalàna (60	Manoro hevitra sy lalana azy mba ahafahany manantatera	Vehivavy mahafantra ny atao hoe sehatra manara-	Kaominina, tompon'ny tetikasa, komiti mijoro	Mandavan-taona	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	tsy manara-penitra *Misy fitsinjovana manokana ny vehivavy eo amin'ny sehatra tsy manara-penitra ve?*	lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fandraharahana, fitsinjovana manokana ny vehivavy amin'ny sehatra tsy manara-penitra	%)	ka an'io tanjona fototra io	penitra			
Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fahazoana famatsiam-bola	Maro ny vehivavy Tsy an'asa sady mahantra manano tena manan-janaka maro *Manana paikady manokana entina hanatsarana ny toe-karena ifotony ve ny kaominina? Hita taratra amin'izany ve ny Miralenta?*	Fametrahana pôlitika sy paikady entina hanamorana ny fahazoana famatsiam-bola na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	Mitombo 40% ny vehivavy mindram-bola amin'ny orin'asa mpampindram-bola madinika	Fanamafisana ny fampahalalana ny findramam-bola madinika sy fanoroana hevitra azy ahafany mindram-bola.	Vehivavy voaentana sy sahy mindram-bola ary manana tetikasa hampiasana vola	Komity najoro sy ny tompon'andraikitra ny orin'asa mpampindram-bola	Manombo ka janoary 2015 mitohy mandavaa taona	
Va-taonaFampitoviana ny fahazoana mampiasa ny teknôlôjia vaovao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy entina hanatsarana ny fifandrasaina eo amin'ny fandraharahana	Manana paikady ny kaominina momba any fampidirana ny teknôlôjia vaovao, ary hita taratra ny miralenta *Manana paikady*	Fahazoana antoka fa samy mahazo tombotsoa amin'ny teknôlôjia vaovai na ny lahy na ny vavy.	Mitombo 30% ny isan'ny vehivavy mahazo tombontsoa	Fanentanana ny vehivavy ho sahy hanao sy azo itokisana tanteraka amin'izay asa omena azy	Vehivavy matihanina eo amin'izay sehatra fandrahara-hana	Komity najoro sy ny tompon'andraikitra ny orin'asa	Manombo ka janoary 2015 mitohy mandava-taona	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	manokana ve ny kaominina momba ny fampidirana ny teknôlôjia vaovao? Hita taratra amin'izany ve ny Miralenta?							
Asa fandraharahana								
Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fahazoana tolo-bidy	Mbola tsy misy mpandraharaha vehivavy ato amin'ny kaominiina Tsimananada *Tamin'ny taona lasa, firy tamin'ny asa nataon'ny kaominina no lasa-nà mpandraharaha vehivavy? Efa misy lamin'asa napetraka ve hampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy?*	Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy vavy amin'ny fahazoana tolo-bidy avoakan'ny fanjakana na ny sehatra tsy miankina.	Misy 10% ny vehivavy mpandrahar ah vehivavy ary sahy manao fanolorona	Fanentanana ny vehivavy ho sahy hanao fanolorana mba hahazoana tolo-bidy. Fanentanana ny mpanome tolo-bidy fa azo itokisana tanteraka amin'izay asa omena azy na lahy na vavy	Vehivavy vonona sy sahy manao fanoloran a, mana a lamin'asa mipetrak a amin'ny fahazoan a tolo-bidy	Kaominina , Komity najoro	Manombo ka ny janv 2015 mitohy mandava-taona	
FIOVAOVAN'NY TOE-TRANDRO SY FAMPANDROSOANA MAHARITRA								

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fampahafantarana ny kaominina momba ireo voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toe-trandro ary fandraisana ny fepetra mifanaraka amin'izany	Misy fikarohana manokana momba ny fiovaovan'ny toe-trandro amin'ny kaominina izay sahanin'ny sampan-draharaha foibe manao ny any faritra androy *Efa nisy fikarohana manokana momba ny fiovaovan'ny toe-trandro ve teo amin'ny kaominina? Hita taratra ao anatin'izany fikarohana izany ve ny Miralenta?*	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara.	100% ny mponina mahafantatra ny vokadratsin'ny fiovaovan'ny toetr-trando	Fangatahan'ny kaominina mba hisian'ny birao mikasika ny fiovaovan'ny toe-trandro eto an-toerana	Fampahafantarana sy fanentanana ny mponina tsy hanimba ny tontolo iainana: tsy mandoro tanety, tsy manapatapaka ny hazo, hamboly zanakazo	Kaominina, komity mijoro, direction régionale de l'environnement	Manomboka novambra 2014 mitohy mandava-taona	
Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fiarovana ny tontolo iainana	50% ny vehivavy mandray anjar amin'ny tetikasa hiarovana ny tontolo iainana *Mandray anjara amin'ny tetikasa hiarovana ny tontolo iainana ve*	Fampandraisana anjara mitovy ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fandrafetana tetikasa sy ny fanatanterahana izany	100% ny olona mahafantatra ny olana @ fisian'ny loto ary vonona handray	Fanomezana fiofanana ireo fikambanam-behivavy mahakasika ny "fanetsehan	Tontolo iainana madio mponina mitandro ny fahadiovana	Kaominina, komity mijoro, direction régionale de l'environnement	Manomboka novambra 2014 mitohy mandava-taona	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	ny vehivavy?		andraikitra hIady @ amin-izany	a" mba hanentanana ny mpikamban a ao aminy handray andraikitra manoloana ny fahalotoan'ny tanana				
Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fandrafetana paikady hiarovana ny tontolo iainana	Misy orinasa miaro ny tontolo iainana eo amin'ny kaominina fa tsy ampy *Efa misy orinasa mandray fepetra entina hiarovana ny tontolo iainana ve eo amin'ny kaominina?*	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara.	100% voaharo ny tontolo iainana	Fangatahan'ny kaominina amin'ny mpamatsy vola orin'asa Fanentanana ny vehivavy handray anjara amin'ny hetsika fiarovana ny tontolo iainana	Drafitrasa miaro tontolo iainana voarafitra	Kaominina, komity mijoro, direction régionale de l'environnement	Manomboka novambra 2014 mitohy mandava-taona	
Fitsinjovana manokana ny vehivavy rehefa misy vonjy taitra na loza voajanahary	Tsy misy fitsinjovana ny vehivavy rehefa	Fametrahana fepetra manokana entina hanamaivanana ny	100% ny vehivavy ao amin'ny	Fanentana ny kominina ny hisian'ny	Mipetraka ny ivontoera	Kaominina, komity mijoro,	Manomboka janoary 2015	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	misy vonjy taitra na loza voajanahary *Manao ahoana ny fitsinjovana ny vehivavy mandritra ny loza voajanahary?*	andraikitra maro sahanin'ny vehivavy.	kaominina mahazo fanampiana isaky ny misy vonjytaitra na loza voajanahary	ivontoerana hikarakara sy handraisana ireo vehivavy mamelon-tena irery, mananon-tena, sahirana maro anaka	na hikarakara ny vehivavy	mpamtsy vola, BNGRC	mitohy mandava-taona	
Foto-drafitrasa								
Toeram-ponenana								
Fahazoana antoka fa samy afaka manana toeram-ponenana mifanaraka amin'ny filàny na ny lahy na ny vavy	Maro ny lehilahy manana trano mihoatra amin'ny vehivavy *Maro kokoa ve ny lehilahy manana trano mihoatra amin'ny vehivavy?*	Fanangonana sy fandalinana tahirin-kevitra hahafahana mandrefy ny fototra iaingana sy ny tanjona hotratrarina	30% ny vehivavy manana toeram-ponenana mifanaraka amin'ny filàny	Fanentanana ny lahy sy ny vavy samy hanana fonenana ara-dalana	Toerm-ponenana mifanaraka amin'ny filàn'ny tsirairay	Kaominina, komity mijoro, mpamatsy vola	Manomboka janoary 2015 mitohy mandava-taona	
	Misy ny politika momba ny famorana ny fahazoan'ny vehivavy kara-tany eo amin'ny kaominina saingy maro tsy rototra ny vehivavy	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara, indrindra momba ny: • Rano sy lalàna momba ny fananan-tany	50% ny vehivavy manana toeram-ponenana sahaza azy	Fanentanana ny vahoaka hamonjy ireny birao ifotony mikarakara ny fananan-tany ireny Fanomezana	Vehivavy manana safidy hanana ny toerana sahaza azy ary manana	Kaominina, komity mijoro, mpamatsy vola, service des domaines régional,	Manomboka janoary 2015 mitohy mandava-taona	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Misy pôlitika manokana momba ny fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy kara-tany ve eo amin'ny kaominina?	• Fananan-tany (kara-tany, sns)		fiofanana sy fampahafantarana ny fangatahan sy fahazoana tanim-panjakana	tany ho azy	birao ifotony mikarakara ny fananan-tany		
Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy trano manara-penitra.	Ny kaominina dia manamora ny fikarakarana ny antontan-taratasy ahazoana trano manara-penitra saingy ambany dia ambany ny vehivavy manana trano mana-penitra *Inona avy ireo paikadin'ny kaominina momba ny fanatsarana ny toeram-ponenana?*	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara	30% ny vehivavy mahazo trano manara-penitra	Manentana ny vehivavy hikarakara ny anton-taratasy ahazoany trano manara-penitra manofana ny vehivavy hanorina trano mana-penitra	Vehivavy mahaleon-tena manana trano manara-penitra	Kaominina, komity mijoro, mpamatsy vola,	Manomboka janoary 2015 mitohy mandava-taona	
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra								
Fahazoana antoka fa mahazo izay fikarakarana fototra sahaza azy ireo vehivavy	Foto-drafitrasa mikasika rano misy fa tsy ampy toy ny lava drano, impluvium, forage,	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara	70% ny mponina mahazo rano fisotro madio	Fanentana ny fokonolona mba hikajy ny fitaovana	Mitombo ny fotodrafitrasa fahazoan	Kaominina, komity mijoro, mpamatsy vola,	Manomboka janoary 2015 mitohy mandava-	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Efa maro amin'ireo no simba sy tsy mandeha 20% ny mponina ihany no mahazo rano fisotro madio eo amin'ny kaominina Tsy fahampian'ny fampianarana ho olom-banona *Inona avy ireo foto-drafitrasa (Paompy, famatsiana herin'aratra, sns.) efa misy amin'izao fotoana izao? Ohatrinona ny vola lany tamin'izany?*		manaraka norme iraisam-pirenena	sy hanisy fanafody hanadiovana ny foto-drafitrasa efa misy, mangataka amin'ny fanjakana sy sehatra tsy miankina hamatsy fotodrafitrasa fanampiny Fampianarana ho olom-banona	a rano madio ary tsara tantana ireo fotodrafitrasa efa misy ireo voakajy tsara tantana ary vehivavy mandray anjara amin'ny fitantana na azy	fanjakana foibe, direction de l'eau	taona	
	Ny namolavola tetikasa sy namatsy fotodrfitrasa mikasika rano dia AES/UNICEF *Iza avy ireo olona*		70% ny fotodrafitrasa mipetraka voakolokolo sy voaramaso	Fanentanana ny vehivavy handray andraikitra amin'ny fikolokolana sy	Ny fotodrafitrasa miasa ara-dalana rano	Kaominina, komity mijoro, mpamatsy vola, fanjakana foibe,	Manomboka janoary 2015 mitohy mandava-taona	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NYY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAI KITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	namolavola izany tetikasa/Foto-drafitrasa izany?			fitantanana ny fotodrafitrasa efa misy	fisotro madio	direction de l'eau		
